

La recette de la Bonne nouvelle

Par John D. Amos
des soixante-dix

Ny raikipohin'ny vaovao mahafaly

Nataon'ny Loholona John D. Amos
Ao amin'ny Fitopololahy

Conférence générale d'octobre 2025

Comment inviter davantage Jésus-Christ dans sa vie ?

Si vous avez déjà visité l'État d'où je viens, la Louisiane, vous connaissez probablement beaucoup de nos délicieux plats : le gumbo, le jambalaya, l'étouffée et bien d'autres.

De temps en temps, je me sens assez courageux pour préparer l'un de ces plats savoureux. La dernière étape implicite de chaque recette, après avoir mélangé tous les ingrédients et suivi toutes les instructions, consiste à goûter une dernière fois afin de vérifier qu'il ne manque rien. En général, à ce stade, j'entends les grands chefs cuisiniers créoles me chuchoter à l'oreille : « Rajoute encore de l'assaisonnement spécial Tony ! » L'assaisonnement spécial Tony est un mélange d'épices créole de ma ville natale, Opelousas, en Louisiane. Il sert souvent d'« ingrédient secret » pour rectifier les erreurs commises lors de la préparation de la recette.

Mon épouse, Michelle, et moi avons eu l'honneur de servir en tant que dirigeants de mission en Louisiane. Lors de la dernière soirée de nos missionnaires au foyer de la mission, avant qu'ils ne retournent auprès de leur famille, nous avons pour tradition de leur apprendre à cuisiner la recette spéciale du jambalaya de Michelle. En plus de leur témoignage de l'Évangile rétabli de Jésus-Christ, nos missionnaires quittaient la mission avec un goût pour la cuisine.

Il y a quelques mois, je parcourais la page « Médias de l'Évangile » quand j'ai vu un lien vers

Toy ny ahoana ary izany misy an'i Jesoa Kristy bebe kokoa eo amin'ny fiainanao izany?

Raha efa nitsidika ny faritanin'i Louisiane ianao, izay fiaviako, dia azo inoana fa mahalala tsara ireo sakafo matsiro maro avy any aminay: ny gumbo, ny jambalaya, ny étouffée, sy ny maro hafa tsy ho voatanisa.

Misy fotoana aho hitako hoe sahy mikarakara ny iray amin'ireo raikipohin'ny nahandro matsiro ireo. Ny dingana farany izay tsy voalaza ao rehefa avy manafangaro ireo laro rehetra sy manaraka ireo toromarika amin'ny antsipiriany dia ny fanandrman-tsiro farany ka hijery raha misy zavatra tsy ampy. Amin'io fotoana io aho dia toa mahare ireo mpahandro sakafo Kreôla fanta-daza mibitsika ao an-tsofiko hoe: "Ampio Tony's misimisy kokoa." Ny Tony's dia zavamanitra kreôla vita any Opelousas, Louisiane, tanàna niaviako. Io no matetika ampiasaina ho "kanonkanona tsiambaratelo" hanarenana ny zavatra tsy nety tamin'ny fanarahana ny raikipohin'ny nahandro.

Voninahitra ho ahy sy i Michelle ny nanompo ho mpitarika ny misiôna tany Louisiane. Fomba mahazatra anay ny mampianatra an'ireo misiônera ny raikipohin'ny fahandroana jambalaya nandritra ny alin'izy ireo farany tao amin'ny tranon'ny misiôna talohan'ny niverenan'izy ireo tany amin'ny fianakaviany. Ankoatra ny fijorana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny dia mandao ny misiôna amin'ny fankasitrahana ireo raikipohin'ny nahandro ny misiôneranay.

Volana vitsivitsy lasa izay dia nitety ny fitahirizana ireo haino vaky jerin'ny Fiangonana

une série de courtes vidéos intitulée Conversations sur le rétablissement avec Russell M. Nelson. Le titre d'une des vidéos de la série a retenu mon attention et m'a fait sourire. La vidéo s'intitulait « Les Écritures sont les recettes de Dieu pour une vie heureuse ». J'ai immédiatement cliqué sur la vidéo et regardé le président Nelson enseigner à un groupe d'enfants de la Primaire un message simple et puissant sur la façon d'être heureux. Il a dit : « Si vous faites un gâteau, vous suivez la recette, n'est-ce pas ? Et vous obtenez un bon résultat à chaque fois, non ? »

Il a poursuivi en évoquant son 95^{ème} anniversaire qui approchait : « Les gens me demandent souvent : 'Qu'est-ce que vous mangez ? Quel est votre secret ?' » Ce à quoi il a répondu : « Le secret, ce sont les Écritures. Lisez-les et mettez en application les principes qu'elles contiennent. »

Voilà, le secret d'une vie heureuse est simple : il suffit de suivre la recette que Dieu nous donne dans les Écritures. C'est ce que j'appelle la « recette de la Bonne nouvelle ».

Que faire si quelque chose ne se passe pas comme prévu en suivant la recette ? Eh bien, dans la recette de la Bonne nouvelle, il y a un « ingrédient secret » qui garantit qu'à la fin, ce sera toujours une réussite. La réponse, c'est toujours Jésus-Christ.

Nous traversons tous des moments où nous doutons de la qualité de nos ingrédients, où nous avons du mal à suivre les instructions, où nous passons trop vite à l'étape suivante, où quelque chose que nous ne maîtrisons pas se produit, etc.

Comment y remédier ? Il suffit d'ajouter davantage d'actions qui invitent Jésus-Christ à faire partie de notre vie.

Concrètement, comment inviter davantage Jésus-Christ dans sa vie ?

Lorsque j'étais président de mission, toutes les six semaines j'avais le plaisir de m'entretenir avec chacun de nos jeunes missionnaires. Pendant ces entretiens individuels, les missionnaires demandaient souvent conseil sur la façon

aho ary nahita rohy mankany amina angona horonan-tsary fohy antsoina hoe Restoration Conversations with President Russell M. Nelson [Resadresaka momba ny famerenana amin'ny laoniny iarahana amin'ny Filoha Russell M. Nelson]. Nahasarika ny saiko ny lohatenin'ny iray tamin'ireo horonan-tsary fohy tao amin'ilay lisitra ary nampitsiky ahy. Toy izao ilay lohateny: “Scriptures Are God’s Recipes for Happy Living [Ny soratra masina no raikipohy omen’ Andriamanitra hahazoana fiainana sambatra]”. Nokiti-hiko avy hatrany io horonan-tsary roa minitra io ka nijery ny Filoha Nelson nampianatra hafatra tsotra sy mahery vaika momba ny fomba mahasambatra tamina andiana ankizy tao amin'ny Kilonga aho. Nampianatra izy hoe: “Rehefa manamboatra mofomamy ianao dia manaraka ireo torolalana, sa tsy izany? Dia tsara foana ny vokatry azonao amin'izany, sa tsy izany?”

Dia notohizany avy eo ary niresaka momba ny fahatratrany 95 taona tsy ho ela izy: “Milaza ny olona hoe: Inona no haninao? Inona no tsi-ambaratelonao?” Dia namaly izy hoe: “Antsoina hoe ny soratra masina ilay tsiambaratelo. Afaka mamaky sy manandrana azy ireny ianareo”.

Dia izay ilay izy. Ny tsiambaratelo tsotra hahazoana fiainana sambatra dia ny manaraka fotsiny ny raikipohy omen’ Andriamanitra ao amin'ny soratra masina. Antsoiko hoe: “Raikipohin'ny vaovao mahafaly” izany.

Inona no ataonao raha misy zavatra tsy mety eo amin'ny fanarahana ilay raikipohy? Ao anatin'ilay Raikipohin'ny vaovao mahafaly dia misy “kanonkanona tsiambaratelo” izay manome antoka fa vitanao tsara foana izany amin'ny farany. I Jesoa Kristy mandrakariva no valiny.

Mino aho fa misy fotoana isika rehetra mahatsapa hoe tsy dia tsara loatra ireo kanonkanona ampiasaintsika, na sahirana isika manaraka ireo torolalana, na mety manao zavatra tsy araka ny filaharany isika, na misy zavatra mitranga izay tsy voafehintsika, sy ny sisa.

Inona no fanafodiny? Dia ny manampy misimisy kokoa izay zavatra manasa an'i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika fotsiny.

Toy ny ahoana ary izany misy an'i Jesoa Kristy bebe kokoa eo amin'ny fiainanao izany?

Fony aho filohan'ny misiôna dia nahafaly ahy ny nihaona manokana tamin'ireo misiônera tanoranay tsirairay isaky ny enina herinandro. Mandritra ilay fihaonana mivantana dia mahazatra an'ireo misiônera ny mikatsaka fitarihana

d'améliorer l'efficacité de leur équipe.

Un jour, un missionnaire est arrivé pour son entretien individuel et s'est assis. J'ai immédiatement vu, à son attitude, que quelque chose le tracassait profondément. Je lui ai demandé : « Frère, de quoi aimeriez-vous que nous parlions aujourd'hui ? » Il m'a alors décrit les difficultés qu'il rencontrait avec son collègue et la façon dont cela affectait leur travail missionnaire. Les larmes aux yeux, il m'a regardé et m'a demandé : « Président, que dois-je faire ? »

À ce moment-là, je ne savais honnêtement pas quoi répondre. Après un instant, je lui ai demandé s'il était d'accord pour que nous nous mettions à genoux et priions ensemble afin d'être guidés par le Saint-Esprit. Il a accepté, et nous nous sommes agenouillés pour prier et recevoir l'inspiration.

Après la prière, nous sommes restés à genoux un petit moment, puis nous sommes retournés nous asseoir face à face. Je lui ai demandé si nous pouvions lire ensemble un passage des Écritures. En ouvrant les Écritures, je me suis arrêté et je lui ai dit : « Frère, pendant que nous lisons ce verset, posez-vous la question suivante : 'Si je mets en pratique ces vertus, cela améliorera-t-il ma relation avec mon collègue et notre travail missionnaire ?' »

Nous avons ensuite lu Moroni 7:45 à haute voix : « Et la charité est patiente, et est pleine de bonté, et n'est pas envieuse, et ne s'enfle pas d'orgueil, ne cherche pas son intérêt, ne s'irrite pas, ne soupçonne pas le mal, et ne se réjouit pas de l'injustice, mais se réjouit de la vérité, excuse tout, croit tout, espère tout, supporte tout. »

Le missionnaire m'a alors regardé, les larmes aux yeux, et a dit : « Oui, président, mais ce n'est pas facile à faire. » J'ai acquiescé, puis je lui ai rappelé qu'il était un fils de Dieu, doté du potentiel divin d'y parvenir, avec l'aide du Seigneur.

Nous avons ensuite brièvement parlé de la parabole de la pente enseignée par Clark G. Gilbert, des soixante-dix. Cette parabole nous rappelle que nous devons commencer là où nous en sommes et, avec le Seigneur, avancer dans la bonne direction, c'est-à-dire vers les cieux. Je

amin'ny fomba hanatsarana ny fahombiazany amin'ny fiarahana amin'ny mpiara-mitory.

Indray mandeha dia nisy misiônera iray tonga hanao ilay dinika sy tafa manokana ary nipeltraka. Hitako tamin'ny fihetsiny fa misy zavatra mavesatra mitambesatra ao an-tsainy. Nanontany aho hoe: "Elder, inona no tianao horesahina androany?" Dia nanazava ireo zava-tsarotra sasany lalovany amin'ny mpiara-mitory aminy izy sy ny fiantraikan'izany amin'ny fahafahan'izy ireo manao ny asa fitoriana. Latsa-dranomaso izy no nijery ahy ary nanontany hoe: "Filoha, inona no tokony hataoko?"

Tamin'izay fotoana izay dia tsoriko fa tsy haiko izay navaly. Afaka fotoana fohy dia nanontaniako izy raha mety aminy ny hiarahanay mandohalika hivavaka mba hahazo ny fitarihan'ny Fanahy. Nanaiky izy dia niara-nandohalika izahay ka nivavaka nangataka fitaomam-panahy.

Taorian'ilay vavaka dia nanohy nandohalika izahay tao anatin'ny fotoana fohy ary avy eo dia nipeltraka teo amin'ny sezanay sady nifanatrika. Nangataka aho raha afaka mamaky soratra masina miaraka izahay. Rehefa nanokatra ny soratra masinay izahay dia niato aho ary nilaza taminy hoe: "Elder, eo am-pamakiansika ity soratra masina ity dia mba apetraho amin'ny tenanao izao fanontaniana manaraka izao: Raha iainako ireo toetra ireo, moa ve izany hanatsara ny fiarahamiasanay sy ny asa fitorianay?"

Avy eo dia nosokafanay ny Môrônia 7:45 ary novakianay mafy: "Ary ny fiantrana dia mahari-po sady malemy fanahy, ary tsy mialona sy tsy mieboebo, tsy mikatsaka ny ho azy, tsy mora hantsina, tsy mihevitra ratsy, tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana fa mifaly kosa amin'ny fahamarinana, mizaka ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, miaritra ny zavatra rehetra".

Nijery ahy avy eo ilay elder sady latsa-drano-maso no nilaza hoe: "Eny filoha, saingy sarotra tanterahina izany". Nanaiky aho ary nampahatsiahy azy fa zanak' Andriamanitra izy, manana ny hery avy amin' Andriamanitra hanao izany miaraka amin'ny Tompo.

Avy eo dia niresaka fohy mahakasika ilay fanoharana momba ny solampy izay nampianarin'ny Loholona Clark G. Gilbert ao amin'ny Fitopololahy izahay, izay mampahatsiahy antsika fa mila manomboka eo amin'izay misy antsika isika, ary mandroso hatrany miaraka amin'ny

voyais qu'il se sentait encore un peu dépassé parce qu'il allait devoir faire, alors je lui ai demandé d'expliquer l'Écriture qui dit : « C'est par des choses petites et simples que de grandes choses sont réalisées. » Il a alors expliqué le concept selon lequel, lorsque nous accomplissons des choses petites et simples, de grandes choses peuvent se produire. Je lui ai demandé de réfléchir et de trouver deux petites choses simples qu'il pourrait faire pour faire preuve de gentillesse envers son collègue.

Après quelques instants, il m'a fait part de ses idées. Je l'ai ensuite invité à prendre une minute pour trouver deux petites choses simples qui lui permettraient de faire preuve de patience envers son collègue. Il m'a fait part de ses idées presque immédiatement. Il était évident qu'il y avait déjà réfléchi avant notre entretien. Je l'ai invité à présenter ces deux idées à Dieu par la prière, et à demander confirmation, conseils et inspiration pour mettre ce plan en œuvre avec une intention réelle. Il a accepté. Pour conclure, je lui ai demandé de me tenir au courant de ses progrès dans sa lettre hebdomadaire.

Au cours des semaines suivantes, j'ai constaté dans ses lettres que la situation s'améliorait. Je pouvais non seulement voir cette amélioration dans ses lettres, mais également dans celles de son collègue. Lors de notre entretien suivant, son attitude et son état d'esprit étaient complètement différents. C'était le jour et la nuit. Je lui ai demandé : « Alors, frère, est-il vrai que 'la charité ne périt jamais' ? » Avec un grand sourire, il a répondu : « Oui, et c'est par des choses petites et simples que de grandes choses sont réalisées. »

Quand vous suivez la recette de la Bonne nouvelle pour une vie heureuse, souvenez-vous de ce que le président Nelson a enseigné : « Quels que soient vos problèmes ou vos questions, la réponse se trouve toujours dans la vie et les enseignements de Jésus-Christ. Apprenez-en davantage sur son expiation, son amour, sa miséricorde, sa doctrine et son Évangile rétabli de guérison et de progression. Tournez-vous vers lui ! Suivez-le ! »

Tompo mankany amin'ny lalana mahasoana. Azoko lazaina fa mbola nahatsapa ho sahirana kely iha-ny izy tamin'ireo dingana manaraka, ka nasaiko nanazava ny fahatakarany an'ilay soratra masina manao hoe: "amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe". Dia nohazavainy avy eo ilay foto-kevitra hoe amin'ny alalan'ny fanaovana zava-madinika sy tsotra no hitrangan'ny zavatra lehibe. Nangatahiko izy haka fotoana kely hamantatra zavatra madinika sy tsotra azony atao mba ho tsara fanahy amin'ny mpiara-mitory aminy.

Afaka fotoana vitsy dia nizara ny heviny izy. Avy eo dia nangatahiko izy haka fotoana kely hamantatra zavatra madinika sy tsotra azony atao mba hananany faharetana amin'ny mpiara-mitory aminy. Saika teo no ho eo ihany dia nozarainy ny hevitra roa tao an-tsainy. Nihar-ihary fa efa nisaintsaina izany izy talohan'ny fihaonanay. Nasaiko izy mba hitondra am-bavaka ireo zavatra vitsivitsy ireo amin' Andriamanitra ary hangataka fanamafisana sy fitarihana ary fitaomam-panahy amin'ny fomba hanatanterahana amin'ny tena finiavana ny drafiny. Nanaiky izy. Teo am-pamarananay dia nangatahiko izy hanome vaovao fohy ao amin'ny taratasiny isan-kerinandro.

Rehefa nandeha ny herinandro vitsivitsy manaraka dia tsapako tao amin'ireo taratasiny isan-kerinandro fa nihatsara ilay toe-javatra. Saingy tsy tao amin'ny taratasiny isan-kerinandro ihany no nahitako izany fivoarana izany fa hitako tao amin'ny taratasy isan-kerinandro alefan'ilay mpiara-mitory aminy koa. Nandritra ny tafa sy dinika nifanaovanay mivantana manaraka dia nahita fiovana tanteraka teny amin'ny tavany sy ny fanahiny aho. Nanontaniako izy hoe: "Marina ve ry Elder fa -ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay-?" Novaliany tamin'ny tsiky lehibe hoe: "Eny, ary amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe".

Rehefa manaraka ny Raikipohin'ny vaovao mahafaly hahazoana fiainana sambatra ianao dia tsarovy ny fampianaran'ny Filoha Nelson manao hoe: "Na inona na inona fanontaniana na olana anananareo, ny valiny dia hita mandrakariva ao amin'ny fiainan'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany. Mianara misimisy kokoa momba ny Sorompanavotany, ny fitiavany, ny famindram-pony sy ny fotopampianarany ary ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny izay mitory fanasitranana sy fivoarana. Mitodiha any Aminy! Manaraha Azy!"

Lorsque vous avez besoin de « l'écouter » et de savoir comment inviter Jésus-Christ à faire partie de votre vie, pensez à suivre les étapes que le président Nelson nous a enseignées concernant la révélation personnelle :

« Trouvez un endroit tranquille où vous rendre régulièrement. Humiliez-vous devant Dieu. Épanchez votre cœur à votre Père céleste. Tournez-vous vers lui pour trouver des réponses et du réconfort.

« Priez au nom de Jésus-Christ pour vos soucis, vos craintes, vos faiblesses, oui, pour les aspirations mêmes de votre cœur. Et ensuite, écoutez ! Notez les pensées qui vous viennent à l'esprit. Notez vos sentiments et faites ce que vous vous sentez poussés à faire. En répétant ce processus jour après jour, mois après mois, année après année, vous 'progresserez dans le principe de la révélation'. »

Je sais que Jésus-Christ est notre Sauveur et Rédempteur. Il a « accompli tout ce dont nous avons besoin pour retourner auprès de [notre] Père céleste ». Au nom de Jésus-Christ. Amen.

Rehefa te “hihaino Azy” sy hahalala ny fom-ba hanasana an'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainanao dia araho ireo dingana ampianarin'ny Filoha Nelson antsika momba ny fanambarana ho an'ny tena manokana:

“Mitadiava toerana mangina azonareo aleha foana. Manetre tena eo anoloan' Andriamanitra. Aborahy amin'ny Rainareo any An-danitra izay ao am-ponareo. Mitodiha any Aminy mba hahazoana valim-panontaniana sy fampiononana.

“Mivavaha amin'ny anaran'i Jesoa momba ny zavatra manahirana ny sainareo, ny tahotrareo, ny fahalemenareo, eny, ny zavatra tena irin'ny fonareo. Dia mihainoa avy eo! Soraty ny eritreritra izay tonga ao an-tsainareo. Raketo an-tsoratra ny zavatra tsapanareo ary araho asa izay bitsihin'ny Fanahy aminareo fa tokony hataonareo. Rehefa mamerimberina izany dingana izany ianareo isan'andro, isam-bolana, ary isan-taona, dia -hitombo ny fahaizanareo mampihatra ny fitsipiky ny fanambarana-”.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. “Nanatanteraka ny zavatra rehetra ilaintsika Izy mba hahafahantsika miverina any amin'ny [Rain-tsika] any An-danitra”. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.